


130 ny isan'ireo namoy ny ainy ny zoma 13 Novambra 2015 tao Parisy. Avy amina fihaviana maro samihafa. Misy Malagasy anefa toa ahy, toa anao mampiseho fa tena mirefarefa amin'ny tany tokoa ny toe-tsaina. Dia vitan-dry zareo mihitsy, ao aminy facebook, ny *« miantso any Daesh mba handripaka ny malagasy zay mipetraka any ivelany any »*. Sarotra tokoa ity hoe *« liberté d'expression »* ity. Tokony tsy adinon-dry zareo izany hoe *« état d'urgence »* izany. Ary azo enjehina tsara mihitsy ireo ka mora hita ny IP nandefasany izany antso izany. *« Incitation à la haine »* ny anaran'izany heloka izany. Ka avelao hanohy sy hanao ihany fa rehefa tsy higadra ve tsy ho voaraoka avy any e !

Maro ny maty. Ohatra amin'izany i Asta Diakite, Afrikana, izay zanadrahalahin'ilay mpilalao baolina kitra Lassana Diarra. Eto dia fanomezam-boninahitra farany ho ana namana vazaha azo atao hoe mpiara-miasa ihany satria nivelona tao anatin'ny tontolon'ny serasera ankapobeny. Ireto avy ary ireo niara-namoy ny ainy io zoma 13 Novambra 2015 tao Parisy.



**Guillaume B. Decherf**

Mpanao gazety tao amin'ny *« Libération », « Rolling Stone »* ary *« Inrocks »*. Nanao lahatsoratra mikasika ny tarika *« Eagles of Death Metal »* izay nanao kaonseritra tao aminy Bataclan i Guillaume. Anisan'ireo nanatrika izany ary maty norarafan'ireo nanao vy very ny aina izy. 43 taona izy ary roa vavy kely ny zanany.



**Mathieu Hoche**

**Mpikirakira vidéo tao amin'ny orinasa** Ericsson i Mathieu. Nanatrika ny kaonseritra tao aminy Bataclan ihany koa. Maty voatifitry ny bala. 38 taona i Mathieu ary namela kamboty lahikely iray.





**Mosser** ... Thomas D, 32 taona sy i Marie, 24 taona ... *Eagles of Death Metal* ... izy roa ... zoma 13



**Fabrice Dubois** ... 46 taona ... Publicis i Fabrice. Maty voafifitra



... asa







... ny


22 septembre 2015. Frappes aériennes en Syrie:
François Hollande annonce la destruction d'un camp

[illegible]


francetvinfo.fr

[illegible]